





*«  (…) Ianareo Akamasoa dia efa fianakavianay, namanay ary zanakay. Izay indrindra no nahatonga anay dimy mianaka efa nandritra ny taon amaro, isan-taona isan-taona, dia mankalaza ny fetin’ny Noely izany eto Akamasoa. Ary isaky ny mankalaza izany eto izahay, dia vao mainka tsapanay fa miditra ao anatinay ny Fanahy Masina satria mahita anareo ankizy be dia be mihoby, mankalaza ny nahatongavana sy nahaterahan’i Jesosy Kristy ilay Mpamonjy.*

*Dia mirary soa, indrindra ho anareo ankizy rehetra rehetra ary mankahery anao ihany koa Mompera. Misaotra an’Andriamanitra izahay, misaotra an’i Jesosy Kristy nanome anao satria raha tsy nisy anao tsy nisy ireto mpino notezainao marobe ireto. Ary ny fanirian-tsika mba hifankatia ny Malagasy rehetra rehetra, hiray fo hiray saina, hifanome tànana mba hanavotra ity Madagasikara nosy malalan-tsika ity.*

*Mino sy manantena aho fa androany dia fankalazana ny nahaterahan’i Jesosy Kristy Tompo, ary mino sy manantena aho fa ho avy ihany koa, ho tonga ihany koa ny ho avy mamirapiratra ho an’ny Malagasy, ho an’ny vahoakan’ny Akamasoa rehetra rehetra, ho an’ny firenena iray manontolo, ka ny soa iombonana no ho katsahina mandrakariva.*

*Reko tsara ilay hira nataonareo teo hoe  : izay ataonareo an’ireny madinika ireny, hoy i Jesosy*

*Kristy, dia tokony ataonareo ho Ahy. Ka dia tsapako, tsapako izany ka hifanome tànana isika ary ho ataon-tsika ny hampandroso an’i Madagasikara ary indrindra ny hampandroso an’i Akamasoa.*

*Misaotra antsika rehetra.*

*Ny teniko farany, satria araka ny noteneniko teo hoe : ianareo eto Akamasoa dia efa noraisinay ato am-ponay ; noraisinay ho havanay, noraisinay mianakavy ho zanakay. Ka mba anamàrika ny Noely androany, araky ny fandaminana, amin’ny maha havanareo, amin’ny maha zanaka anareo izay, dia iaraka hisakafo amin’ankizy izay voafantina ato amin’ny Akamasoa izahay dimy mianaka miaraka amin’ny Mompera Pedro androany. Dia misy fanomezana ihany koa, tsy ho tononina eto f'efa ho zaraina ho an’ny fianakaviana sy ny ankizy rehetra any an-tokan-trano rehetra eto amin’ny Akamasoa. Dia samia ho tahian’Andriamanitra daholo, ho tanteraka ny fanirian-tsika.*

*Misaotra antsika rehetra rehetra ».*

**Nandray ny feo an-tsoratra : Jeannot Ramambazafy**

**Sary : Harilala Randrianarison**




www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org